"Ny oloko marina, dia ho velon'ny finoana ; Fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko" (Hebreo 10.38)

Ho an'ny Pastora, ny Katekista sy ny Fiangonana FLM Paris,

Jesosy irery ihany
Ry hava-malala ao amin'ny Tompo,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
Am-pifaliana indray no hanasana antsika hanatrilka ny Tafika Masina karakarain'ny **FIFIL FILEOVANA PARIS**
, izay hatao eto
Paris ny 17-18 Septambra 2022
ho avy izao.
- Ny Asabotsy faha 17 Septambra, ny fotoam-pivavahana amin'ny maraina dia hanomboka amin'ny 10 ora. Hisy ny Alitara sy Toriteny, arahina Fampianarana ho an'ny tanora izay mitondra ny Lohateny hoe :**"L'éveil de l'amour chez les jeunes"**
- Ny tolakandro kosa dia hisy ny Fampianarana ny bokin'ny Epistily ho an'ny Hebreo sy ny Fampianarana mitondra ny Lohateny hoe : **"Ny Fifohazana mijoro amin'ny finoana hatramin'ny fahafatesana" (Hebreo 10.32-39**).
Aorian'izay, dia hisy ny **Asa sy Fampaherezana** ary ny **Fideràna an-kira** hifandrombonan'ireo manan-talenta maro samihafa.

Koa dia manasa antsika rehetra tsy an-kanavaka ry havana hiaraka hihinanana izany sakafom-panahy isan-karazany, mamelon'aina izany, sy hitondra am-bavaka ny fotoana. Asaina manokana ianareo tanora ho tonga maro, fa natokana ho anareo indrindra ny Fampianarana amin'ny Asabotsy maraina.

Ny fandaharam-potoana antsipiriany sy ny toerana dia mbola halefa amintsika tsy ho ela.

Ho aminareo anie ny fiadanan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

Hoy Dr Lalao Rakotomahanina, Filoha FIFIL FILEOVANA PARIS sy ny Komity mpiara-miasa aminy.